Izay naka fahalalana tamin'ny kintana dia efa mahazo ampahany tamin'ny ody, ka raha hampitomboiny izany dia mitombo ny filalaovany ny ody

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Abbas (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay naka fahalalana tamin'ny kintana dia efa mahazo ampahany tamin'ny ody, ka raha hampitomboiny izany dia mitombo ny filalaovany ny ody."
[Mari-pototra] [Notantarain'I Abo Daòd, Ibn Màjah ary Ahmad]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa izay mianatra sy maka fahalalan'ny kintana sy ny antokon-kintana ary fanaporofona ny fihetsiny, ny fidirana sy ny fivoahana amin'ny zava-mitranga eto an-tany, toy ny fahafatesan'olona sy ny fahavelomany na ny aretiny, sy ny zavatra hafa mety hitranga amin’ny hoavy, dia nianatra ampahany tamin’ny fanaovana ody, ary arakaraka ny ahazoan’ny olona izany fahalalana izany no hidirany lalina amin'ny filalaovana ody.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5989